# Ny Fahazavan'i Kristy

## Farito ny Fahazavan'i Kristy

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:12–13 mba hitadiavana ny famaritana ny Fahazavan'i Kristy.

Vakio ity famaritana ny Fahazavan'i Kristy manaraka ity:

"[Ny Fahazavan'i Kristy] dia ny herin' Andriamanitra, hery fitarihana mivoaka avy amin' Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy ary manome aina sy fahazavana ho an'ny zava-drehetra. Izy no lalàna izay ifehezana ny zava-drehetra any an-danitra sy ety an-tany (F&F 88:6–13). Izy koa no manampy ny olona hahatakatra ireo fahamarinan'ny filazantsara sy manampy amin'ny fametrahana ny olona eo amin'ny lalan'ny filazantsara izay mitondra ho amin'ny famonjena." (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahazavana, Fahazavan'i Kristy," scriptures.ChurchofJesusChrist.org)

- Ahoana no hamintinanao ny fahatakaranao ny atao hoe Fahazavan'i Kristy?
- Ahoana, araka ny hevitrao, no itaoman'ny Fahazavan'i Kristy anao manokana?

## Ny Fahazavan'i Kristy ho ny fieritreretantsika

Ny fieritreretantsika dia fisehoan'ny Fahazavan'i Kristy iray. Manorata famaritana ny fahatakaranao ny atao hoe fieritreretana izay takatry ny ankizy ao amin'ny Kilonga.

Vakio ity famaritana manaraka ity ary diniho izay mety azonao ampiana amin'ny famaritana nomenao:

"[Ny fieritreretana] dia ilay fahatsapana ny marina sy ny diso ao anaty, avy amin'ny Fahazavan' i Kristy izay ao anatin' ny olona rehetra (Môrô. 7:16). Miara-teraka amintsika ny fahaizana voajanahary hanavaka ny marina sy ny diso noho ny fahazavan' i Kristy izay omena ny olon-drehetra (F&F 84:46). Izany fahaizana izany no atao hoe fieritreretana. Ny fananana izany dia mahatonga antsika ho olona tompon'andraikitra. Toy ireo fahaizana hafa, ny fieritreretantsika dia mety ho faty noho ny fahotana na ny fampiasana azy tsy araka ny tokony ho izy." (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fieritreretana," scriptures.ChurchofJesusChrist.org)

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:45–46 sy ny Môrônia 7:16 mba hitadiavana ireo teny sy andian-teny izay mamaritra ny fomba fiasan'ny Fahazavan'i Kristy ho toy ny fieritreretantsika. Hevero ny hamorona fanoroana soratra masina mifandray ho an'ireo andininy roa ireo.

- Inona no andian-teny avy amin'ireo andininy ireo izay manampy anao hahatakatra ny atao hoe fieritreretana?
- Nahoana araka ny eritreritrao no nomen'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy fieritreretana ianao?
- Amin'ny fomba ahoana no mety hampisy fiantraikany ny fihainoana na ny tsy firaharahiana ny fieritreretanao eo amin'ny safidy ataonao sy ny toerana hiafaranao mandrakizay?

## Ao anatin'ny olon-drehetra ny Fahazavan'i Kristy

Alaivo sary an-tsaina hoe asaina mizara vatsim-panahy fohy ao amin'ny Sekoly Alahady ianao momba ny fomba tokony hijerentsika sy hitondrantsika ny hafa amin'ny fomba tsaratsara kokoa indrindra indrindra ireo izay tsy mitovy amintsika. Azonao ampiasaina ireto loharanom-pitaovana manaraka ireto sy izay hitanao fa manampy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:11

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:2

Ny Filoha Boyd K. Packer (1924–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra izao:



> Rehefa mahafantatra bebe kokoa momba ny Fahazavan'i Kristy isika dia hahatakatra bebe kokoa momba ny fiainana sy hanana fitiavana lalina ny olombelona rehetra. Ho mpampianatra sy misiônera ary ray aman-dreny tsara kokoa isika, sy ho lehilahy sy vehivavy ary zanaka tsara kokoa. Haneho fanajana lalina kokoa an'ireo rahalahintsika sy anabavintsika sy anadahintsika sy rahavavintsika ao amin'ny Fiangonana sy an'ireo izay tsy mino isika. . . .
>
> Ny Fahazavan'i Kristy dia natao ho an'ny olon-drehetra tahaka ny taramasoandro. Na aiza na aiza misy ain'olombelona dia ahitana ny Fanahin'i Kristy. Manana izany avokoa ny fanahy velona rehetra. . . .
>
> Raha takatsika ny maha-tena misy ny Fahazavan'i Kristy ao amin'ny olon-drehetra izay hitantsika . . . sy ao anatintsika, . . . dia hanana herim-po sy fitaomam-panahy izay mbola tsy nananantsika hatramin'izay isika. Ary *tokony* ho izany no ho izy! Ary izany tokoa no *ho* izy! Izany rehetra izany dia fatrana fahamarinan'ny filazantsara izay vitsy loatra no mahatakatra azy. (Boyd K. Packer, "The Light of Christ," *Ensign*, apr. 2005, 8, 13–14)

Manorata fehezan-teny roa na telo izay maneho ny hevitrao momba ny fiantraikan'ny fahatakarana ny Fahazavan'i Kristy amin'ny fomba fijerinao ny hafa.

## Ny Fahazavan'i Kristy eto amin'izao tontolo izao

Efa nanohina ny fonao ve hatrizay ny hatsarana sy ny halehiben'ity tany ity sy ny habakabaka? Inona no fahatsapana entin'ireo zavatra ireo ao anatinao?

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:7–10, 45–47 ary tadiavo izay azonao ianarana momba ny Fahazavan'i Kristy sy ny tany ary ny habakabaka.

- Inona no azontsika ianarana mikasika ny Tompo avy amin'ny zavatra nohariny?
- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahitana ny fitarihan' Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao manampy antsika hamantatra ny fitarihany eo amin'ny fiainantsika?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_321-1